MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA ANKIZY VANONA

## Ambaratonga voalohany



Rakitra Soa Iombonana

FNUD Fonds des Nations Unies pour la démocratie

UNDP Madagasikara

## Fantatrao ve ny momba anao ?

| |
|---|
| Ny anaranao |
| Ny fanampin'anaranao |
| Ny daty nahaterahanao |
| Ny toerana nahaterahanao |
| Ny rainao |
| Ny reninao |
| Ny anaran'ny Sekolinao |
| Ny Fokontany fiavianao |
| Ny Kaominina misy anao |
| Ny Distrika misy anao |
| Ny Faritra misy anao |

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA ANKIZY VANONA

## Ambaratonga voalohany

Rakitra Soa Iombonana



## Teny fampidirana

Tontolo telo samihafa no mifarimbona manabe anareo ankizy, dia ny ankohonana sy ny sekoly ary ny fiarahamonina. Ny ankohonana no sehatra voalohany ahazoanareo ankizy fampianarana sy fitaizana. Ny sekoly no sehatra faharoa izay sady manampy ny fitaizana azonareo teo anivon'ny ankohonana no mamolavola sy manefy anareo ho tonga manam-pahaizana amam-pahalalana sady olom-banona eo amin'ny firenena. Ny fiarahamonina kosa no sehatra fahatelo izay sady mety hanatsara izay fanabeazana efa azonareo no mety koa hamotika izany noho izy ifamoivoizan'ny hevitra sy fomba amam-panao samihafa.

Na any an-trano na any an-tsekoly na ao amin'ny fiarahamonina anefa,

ny fanabeazana anareo ankizy dia tokony hikendry :

- ny fanefena ny maha-ianareo anareo sy ny talenta anananareo,
- ny famohazana ny fahaizana ananana sy ny fahafahanareo miana-javatra,
- ny fampivelarana ny fizakan-tena samirery, ny fahafantarana ny fahamendrehan'ny maha-olona,
- ny fahatsapanareo ny atao hoe fahamendrehana sy ny fahatokisan-tena,
- ny fanananareo fiainana feno sy mahafa-po ao anatin'ny fiaraha-monina any aoriana,
- ny fampahalalana anareo ny zo anananareo sy ny adidy tokony hiantsorohanareo ; ny fomba tokony hitondrana ny tena ao anivon'ny ankohonana, ny fianakaviana , ny sekoly, ny fiaraha-monina ary ny firenena.

Araka izany dia tena ilaina ampianarina anareo ankizy manomboka any amin'ny sekoly ambaratonga voalohany ny fahaiza-mitondra tena, ny fanajana ny fiarahamonina ary ny zon'ny olombelona. Izany mantsy no manampy ny fivelaranareo ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy ary ahafahanareo miroso tsikelikely mankany amin'ny fiarahamonina tan-dalàna, milamina, marina sady mahitsy.

Tanjon'ity boky ity àry ny hahatonga anareo mpianatra any an-tsekoly sy ianareo ankizy beazina any amin'ireny toby fanabeazana sy fanarenana ary fanofanana ireny mba :

- hahalala ny zo sy adidinareo eo amin'ny tena, eo amin'ny ankohonana, eo amin'ny fiarahamonina, any an-tsekoly ary eo amin'ny firenena,
- ho tsara fitondran-tena ka hanaja ny tena sy hanaja ny hafa.

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA
MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

# I. NY ZO SY ADIDIN'NY ANKIZY

## A. NY ZON'NY ANKIZY

### *1. Ireo foto-kevi-dehibe momba ny zonay ankizy*

**Ny Fifanekana iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Ankizy** (Convention relative aux Droits de l'Enfant, 1989) dia mametraka ny fahazazana na ny faha-ankizy ho vanim-potoana miavaka tsara amin'ny fahalehibeazana. Sokajin'olona marefo mantsy ny zaza sy ny ankizy ka mila fiarovana sy fanampiana manokana.

**Ny Fifanekena koa** dia namaritra mazava ny andraikitry ny fianakaviana eo amin'ny fiainan'ny ankizy. Ny ray aman-dreny no tompon'andraikitra voalohany amin'ny famelomana, fanafiana, fitsaboana ny zanany sy amin'ny fiarovana azy ireo amin'ny loza ka hanome azy ny torolalana momba izany. Anjaran'ny Fanjakana kosa ny manampy azy ireo amin'ny fanatontosana izany.

**Ny Fifanekena** dia nanambara fa tompony sady mahazaka manana ny zony ny ankizy fa tsy fananan'ny ray aman-dreniny. Olombelona feno ny ankizy ka afaka mandray an-tanana ny fivelarany samirery eo ambany fanampian'ny ray aman-dreniny sy ny fiarahamonina ary ny firenena.

Nanambara koa ny **Fifanekena** fa mitovy zo avokoa ny zaza na lahy na vavy, ary izany dia amin'ny sehatra isan-karazany toy ny tany niaviana, ny teny ampiasaina, ny finoana arahina, ny foko nisehoana, ny kolontsaina iainana, ny fari-piainana ivelomana. Izany no antsoina hoe Fitsipiky ny tsy fanavakavahana. Mitovy lanja avokoa ny zon'ny ankizy rehetra, tsy misy ambany na ambony.



### *2. Fiarovana ny zon'ny ankizy*

**a) Nahoana no arovana ny zon'ny ankizy?**

- Ho fampiharana ny zony,
- Ho fanajana ny zony.

**b) Fiarovana azy amin'ny voka-dratsiny**

- Tsy fahafaha-mivelatra ara-tsaina,
- Kilema sy takaitra isan-karazany,
- Aretina isan-karazany :
  - Voalohany indrindra, ho fitandroana ny zony satria olona sahala amin'ny rehetra ny ankizy ary manan-jo avokoa rehefa mety ho olombelona. (Zon'ny Olombelona).
  - Manaraka izany, dia satria tsy ampy hery ny ankizy, marefo, mora tohina ka tokony hahazo fiahiana ara-tsosialy.
  - Farany, dia satria betsaka ny tsy fahamarinana ampiharina amin'ny ankizy ka izy no voalohany mizaka ny fiainana tsizarizary, ny fampijaliana, ny vokatry ny ady sy ny sisa.

**FAMARITANA**

| | |
|---|---|
| **Ankizy** | Ny atao hoe **ankizy** dia ny olombelona rehetra latsaka ny 18 taona araky ny famaritan'ny Fifanekana iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy. |
| **Zo** | Ny **zo** dia ny fahafahana na fahefana ananan'ny olona hanatanteraka zavatra iray na tsia.<br>Ny zo koa dia izay zavatra azon'ny olona takina amin'ny fiarahamonina na amin'ny Fanjakana. |
| **Andraikitra** | Ny **andraikitra** kosa dia izay zavatra tsy maintsy ataon'ny ankizy ao amin'ny fiarahamonina na ny firenena.<br>Mahavoasazy ny tsy fahavitana ny andraikitra. |
| **Adidy** | Ny **adidy** dia zavatra tokony hataon'ny ankizy na fihetsika tokony hasehony eo anivon'ny fianakaviana, ny fiarahamonina, ny firenena. Ny olona mahavita adidy dia tsara laza eo amin'ny mpiara-belona aminy. |

### *3. Manan-jo aho*


**a) Eo amin'ny tenako**

**Zo hanana anarana sy sora-piankohonana**

Ny fananako anarana sy kôpian'ny nahaterahana no ahafahana manoratra ahy ao anatin'ny bokim-pianakaviana sy ny bokim-panjakana.

**Zo hanana nofinofy sy idealy**

- Afaka milaza izay hetahetam-poko aho, manambara izay faniriako eo amin'ny fiainana.
- Tsy tokony hihomehezana aho na hosakanana tsy hanonofy izay heveriko ho zava-dehibe eo amin'ny fiainako raha tsy misy maharatsy izany.



**b) Eo amin'ny ankohonako**

**Zo hanana fianakaviana sy hiadam-pinaritra ao anaty fianakaviana milamina**

- Tsy maintsy miaina miaraka amin'ny raiko sy ny reniko, ary ny mpiray tampo amiko aho.
- Omena fitiavana aho, henoina raha miteny na maneho hevitra, arovana amin'ny loza sy herisetra samihafa.

**Zo hotsaboina raha marary**

- Tsy maintsy voakarakaran'ny ray aman-dreniko tsara ny fahasalamako satria ny aretina dia manakana ahy tsy hahavita ny fianarako : hanao ny enti-mody na hiana-desona.

**Zo hilalao sy hiala voly**

- Mampivelatra ny saiko ny milalao sy miala voly miaraka amin'ny ray aman-dreniko, ny mpiray tampo amiko ary ny namako.
- Manatsara ny fitomboako ary mampatanjaka ahy ny karazan-dalao.



**d) Eo amin'ny fiarahamonina**

**Zo hianatra any an-tsekoly, na lahy aho na vavy, na manan-karena na mahantra na koa manana fahasembanana**

Tsy azon'ny ray aman-dreny ajanona tsy hianatra ny zazavavy na inona na inona antony.




**Zo tsy hampijaliana na hampiharana herisetra amin'ny alalan'ny fiteny na fihetsika, na ara-batana na ara -tsaina**

**Zo harovana sy hovonjena raha sendra loza na fampijaliana na herisetra**


**Zo hiteny, hanontany sy haneho hevitra**

### e) Eo amin’ny sekoly

**Zo hianatra any an-tsekoly fa tsy terena hikarama**

Ny fianarana no ahafahako :

- mampivelatra ny saiko sy mampitombo ny vatako,
- manomana ny hoaviko ho tonga olompirenena vanona mandray andraikitra.



### *4. Iza no miahy ny fanajana sy fiarovana ny zonay ankizy ?*

- Dada sy Neny,
- Ny zokiko,
- Ny fianakaviana (Dadabe, Nenibe, ny zanak'olo-mirahalahy na mirahavavy),
- Ireo fikambanana sy ONG mikendry ny fampivoarana sy fiarovana ny zon'ny ANKIZY,
- Ny fiangonana,
- Ny Fanjakana
    - Ny Fokontany, Kaominina, Faritra, Firenena,
    - Governemanta (Ministera miadidy ny Fiahiana ara-tsôsialy, ny Fanabeazam-pirenena, ny Fitsarana, ny Fahasalamana)...

**ZO FOTSINY IHANY VE NO ANANANAY ANKIZY ?**

**Tsia !** manana adidy sy andraikitra ihany koa ny ankizy amin'ny tenany, amin'ny ray aman-dreniny, amin'ny fianakaviany, amin'ny fiaraha-monina, amin'ny Fanjakana.

## B. NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY ANKIZY

### *1. Manana adidy koa aho*

#### a) Amin'ny tenako

Adidiko ny:

- manaja ny tenako,
- mitandro ny fahasalamako ary mangataka hotsaboina raha marary,
- manao madio : misasa sy mandro, miborosy nify,
- manasa sofina, manapaka hoho,
- manao akanjo madio,
- mibango volo sy mihogo,
- mitana ny teny nomena ary mitandro ny fahamarinana,
- manohitra ny fitaoman'ny naman-dratsy,
- mandà ny fanirahana hividy toaka, paraky, sigara,
- mandà ny fanerena hikarama ataon'ny ray aman-dreny.




#### b) Amin'ny ankohonako


Adidiko ny :

- manaja ny zokiolona, i Dada sy Neny ary ny mpiray tampo,
- manaraka ny fitsipika ifampifehezana,
- manampy sy mandray anjara am-pitiavana amin'ny fanaovana raharaha,
- mitandrina ny fananana iombonana.

**d) Any an-tsekoly**

Adidiko ny :

- manaja ny mpanabe sy ny fitsipi-pifehezana,
- mianatra tsy manapatapaka,
- mihaino tsara ny fanazavan'ny mpampianatra,
- manontany raha misy zavatra tsy mazava,
- mianatra lesona, mamita ny enti-mody, manao ny fampiasana,
- mampirisika ny namana hazoto mianatra,
- mitandrina ny fitaovan'ny sekoly,
- manatanteraka ny anjara raharaha fanadiovana sy ny asa iombonana an-tsekoly,
- mitandrina sy mikolokolo ny tontolo iainana an-tsekoly,
- manampy ny namana tsy maharaka amin'ny fianarana,
- manaja sy manampy ny namana manana fahasembanana.



### e) Eo anivon'ny fiarahamonina




Adidiko ny :

- mampiseho fahalalam-pomba sy fahaiza-miaina : miarahaba, manao veloma, misaotra, manao azafady, miala tsiny,
- manaja ny tenany sy ny mpiara-monina : Ray aman-dreny, zoky, zokiolona ao anaty fiarahamonina,
- manaraka ny fitsipika nifanarahana rehefa milalao,
- mamela ny namana haneho ny heviny,
- mitandro ny fahadiovana,
- manentana ny namana hanary ny fako any amin'ny fanariam-pako.

### f) Eo amin'ny tontolo iainana

Adidiko ny :


- manaja sy miaro ny tontolo iainana manomboka ao an-tokantrano ka hatrany amin'ny fiarahamonina sy eo amin'ny Firenena manontolo
- mikajy ny fahadiovan'ny tanàna
- mamantatra ny karazam-biby tsy fahita raha tsy eto Madagasikara, miaro ny biby,
- mikolokolo ny zava-maniry,
- tsy mandoro tanety,
- mitsitsy ny rano,
- mitandrina ny fahadiovan'ny rano.



**g) Eo amin'ny firenena**

Adidiko ny:

- mitandro ny Mahamalagasy sy ny fitenin-drazana,
- manaja ny sainam-pirenena sy ny hiram-pirenena.



## 2. *Ny mahalala fomba dia …*

### a) Manaja ny tena

- mitandro ny fahadiovan'ny vatana manontolo,
- tsy miteny ratsy na mandainga,
- tsy mandrezatra, tsy mandefa rivotra imason'olona,
- tsy manisin-delo amin'ny tanana na mandrehoka an-dalam-be,
- tsy miteny raha mbola feno ny vava,
- manaja olona.

### b) Manaja ny mpiara-monina

- miteny sy mamaly amim-panajana,
- mihaino ny hafa,
- mangataka alalana raha hiteny fa tsy manapa-teny,
- tsy maneso ny hafa.




### d) Manaja ny tontolo iainana

- tsy mandrehoka eny rehetra eny,
- manaja ny fahadiovan'ny toerana aleha.

### e) Mahay miaina




- miarahaba, manao veloma, misaotra, manao azafady, miala tsiny,
- marim-potoana,
- mandondòm-baravarana alohan'ny hidirana ao amin'ny efitra iray,
- mitampim-bava rehefa manoaka, na mievina, na mikohaka,
- tsy mampakatra tongotra eny ambony seza na latabatra,
- mahay mizara amin'ny hafa,
- tia manampy olona, manampy ny zokiolona.

## II. MADAGASIKARA TANINDRAZAKO

### A. NY TANINDRAZAKO

- Malagasy aho. Madagasikara no tanindrazako. Malagasy ny tenin-drazako.
- Mahaleo tena ny Taniko hatramin'ny 26 Jona 1960.
- « Repoblikan' i Madagasikara » no anarany
- « Fitiavana, Tanindrazana, Fandrosoana » no Filamatra ijoroany.
- « Ry Tanindrazanay malala ô » no Hiram-pireneko.
- Ny Pasitera Rahajason no nanoratra ny tonony ary Norbert Raharisoa no nanao ny feony.

### B. NY HIRAM-PIRENEKO

**RY TANINDRAZANAY MALALA Ô**

1-Ry Tanindrazanay malala ô
Ry Madagasikara soa,
Ny fitiavanay anao tsy miala,
Fa ho anao, ho anao doria tokoa.

Fiv :
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra :
He sambatra tokoa izahay

2-Ry Tanindrazanay malala ô,
Irinay mba hanompoana anao
Ny tena sy fo, fanahy anananay
Zay sarobidy sy mendrika tokoa

Fiv :
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra :
He sambatra tokoa izahay


3-Ry Tanindrazanay malala ô,
Irinay mba hitahiana anao
Ka ilay Nahary izao tontolo izao
No fototra ijoroan'ny satanao.

Fiv (indroa):
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra :
He sambatra tokoa izahay

### D. NY SAINAM-PIRENEKO

- Fotsy, Mena, Maitso no lokon'ny sainam-pireneko.

Ny sainam-pirenena dia mari-pamantarana :
- ny maha-firenena an'i Madagasikara,
- ny fahaleovantenany,
- ny fiandrianany,
- ny taniny.



### *1. Ny lokony*

Ny **Fotsy** mangatsakatsaka, manambara ny FAHADIOVANA sy ny FAHAMARINANA


Ny Mena midorehitra milaza ny FITIAVAN-TANINDRAZANA sy ny FIANDRIANAM-PIRENENA

Ny Maitso mivolon'ahitra maneho ny FANANTENANA

RANAIVOSON Andrianome, mpiasa tao amin'ny Fiobe Taosaritany Malagasy no namorona azy.


### *2. Ny haben'ny faneva na sainam-pirenena*

Ny refin'ny mahitsizoro tsirairay fotsy, mena, maitso, izay mandrafitra ny fanevam-pirenena dia toy izao : indroan'ny Sakany ny Lavany.
(Lavany = Sakany X 2)




Ny refin'ny saina mivelatra dia roa ampahatelon'ny lavany ny sakany

$$S= \frac{(LX2)}{3} = \frac{1{,}5mX2}{3} = 1m$$




*- 2,70 m X 1,80 m : MINISTERA, DREN*
*- 2,10 m X 1,40 m : CISCO*
*- 1,80 m X 1,20 m : LISEA, KÔLEJY*
*- 1, 50 m X 1 m : SEKOLY FANABEAZANA FOTOTRA*

**Ireo dia refy tsy maintsy hajaina.**

### *3. Ny fombafomba arahina rehefa manangan-tsaina*

**a) Tandremana tsy hirefarefa amin'ny tany ny faneva**

- trotroina eo ambony sandry roa no fitondra ny saina mbola mivalona,
- atao eo an-tsoroka ankavia kosa rehefa hampakatra azy mba tsy hikasi-tany.

**b) Miatrana tsara ny mpanatrika rehetra**

- mijoro mahitsy tsara na mijaridina fa tsy misabaka,
- manatrika tsara ny saina ampakarina fa tsy miherikerika,
- atsotra manaraka ny vatana ny tanana fa tsy babena na atao eo amin'ny kibo,
- mangina tsara fa tsy miresaka na mihomehy na misangisangy,
- miala satroka sy tsy mielo,
- tsy mitsakotsako,
- mijanona mijaridina raha mandeha eny an-dalana no sendra mandalo fananganan-tsaina.

**d) Fananganan-tsaina**

| DINGANA | BAIKO | VALINY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 1. ALOHAN'NY FAMPAKARANA NY FANEVAM-PIRENENA | HO AN'NY REHETRA ! ANOY TSARA ! JERY ATRIKA ! | MIATRANA SY MILAHATRA TSARA NY REHETRA | MPIANATRA IRAY MIBAIKO MPIANATRA ROA MAMPIAKATRA NY SAINA EFA ATAO EO AN-TSOROKA HAVIA NY FANEVA FA TSY AVELA HIREFAREFA AMIN'NY TANY |
| | FANEVAM-PIRENENA ! | VONONA ! | ATAO REN'NY OLON-DREHETRA NY BAIKO SY NY VALINY |
| 2. FAMPAKARANA NY FANEVAM-PIRENENA | AKARO ! | MAMPAKATRA NY FANEVA | AKARINA MIADANA NY FANEVA ARY TSY AJANONA RAHA TSY TAFAPAKA ENY AMIN'NY TAMPONY MANARAMASO NY FIAKARAN'NY SAINAM-PIRENENA |
| 3. REHEFA TAFAKATRA NY FANEVA | HIRAM-PIRENENA ! 1, 2, 3 ! | MIARA-MIREDONA NY HIRAM-PIRENENA | HIRAINA NY ANDININY TELO ANY AMIN'NY FARANY VAO AVERINA INDROA NY FIVERENANA |
| 4. AORIAN'NY FIREDONANA NY HIRAM-PIRENENA | AOKA ! | | ATSAHATRA NY JERY ATRIKA |
| | MIRAVA ! BARAKAY ! | MIRAVA NY MPILAHATRA | REHEFA VITA NY FAMPITAM-BAOVAO SY NY DINIDINIKA FANENTANANA |

### e) Fampodian-tsaina

| DINGANA | BAIKO | VALINY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 1. ALOHAN'NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA | HO AN'NY REHETRA ! ANOY TSARA ! JERY ATRIKA ! | MIATRANA SY MILAHATRA TSARA NY REHETRA | MPIANATRA IRAY MIBAIKO, NY ROA MAMPODY ! |
| 2. MANDRITRA NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA | FANEVAM-PIRENENA ! | VONONA ! | |
| | AMPODIO ! | MAMPODY NY FANEVA | AMPODINA MIADANA NY FANEVA ARY TANDREMANA TSY HIREFAREFA AMIN'NY TANY. |
| 3. AORIAN'NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA | BARAKAY ! MIRAVA ! | MIRAVA | TSY HIRAINA INTSONY NY HIRAM-PIRENENA. VAHANA NY FANEVA ARY AVALONA TSARA. TROTROINA EO AMBONIN'NY SANDRY ROA REHEFA ATERINA ANY AMIN'NY TOERANY. |

## FANENTANANA

Ny fananganan-tsaina fanao any an-tsekoly, ny fiarahabana sainam-pirenena mandritra ny lanonam-panjakana ary ny fananganan-tsaina isan-tokantrano amin'ny vanin'andro lehibe toy ny fankalazana ny fetim-pirenena no anehoako sy anambaràko :

- fa tiako sy iraiketan'ny foko ary ireharehako ny Tanindrazako,
- fa miaina eo anivon'ny firenena mahaleotena sady manana ny fiandrianany aho ka sarotiny :
  - raha rovidrovitra na maloto na tonta na vasoka ny sainam-pirenena ao an-trano na any an-tsekoly na any amin'ny fokontany na any amin'ny kaominina na any amin'ny toeram-piasana,
  - raha misy olona tsy manaja ny sainam-pirenena.

## IREO DATY ANKALAZAINA

- **01 janoary** : Taombaovao
- **21 febroary** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny
- **08 martsa** : Andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy
- **22 martsa** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny rano
- **29 martsa** : Fahatsiarovana ny mahery fon'ny fitiavan-tanindrazana
- **07 aprily** : Andro maneran-tany momba ny fahasalamana
- **01 mey** : Fetin'ny mpiasa
- **03 mey** : Andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety
- **31 mey** : Andro maneran-tany tsy ifohana sigara sy ihinanana paraky
- **Volana jona** : Volan'ny ankizy
- **05 jona** : Andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana
- **12 jona** : Andro maneran-tany iadiana amin'ny fampikaramana ankizy
- **16 jona** : Andron'ny ankizy afrikanina
- **26 jona** : Andro iraisam-pirenen'ny iadiana amin'ny fidorohana zava-mahadomelina
- **26 jona** : Andro ankalazana ny fetimpirenentsika isan-taona
- **11 jolay** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny mponina
- **12 aogositra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora
- **08 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra
- **21 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandriampahalemana
- **01 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zokiolona
- **16 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo
- **16 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandeferana
- **20 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho ho an'ny zon'ny ankizy
- **25 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho fanafoanana ny herisetra atao amin'ny vehivavy
- **01 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny ady amin'ny SIDA
- **03 desambra** : Andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny olona manana fahasembanana
- **09 desambra** : Andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly
- **10 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny olombelona
- **15 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia
- **25 desambra** : Krismasy na Noely

## III. SAHANASA SY FAMPIHARANA

### A. IZA MOA AHO ? HOATRA AN'IZA AHO ?

#### *1 . Kahie firaketana mitondra ny lohateny hoe : "Iza moa aho ?*

Makà kahie iray. Petaho ny sarinao eo amin'ny fonon'io kahie io. Lazalazao ao anatiny ao ny momba anao. Haingoy sary nalaina na sary natao tanana, azonao ravahana tononkalo na soratra hafa ihany koa.

#### *2. Ny nofinofiko sy idealiko :*

Inona no mba nofinofinao ? Manana idealy ve ianao ?

**Vakio ity lahatsoratra ity**

Ilaina, rankizy, ny manonofy. Tsy manonofy matory anefa fa manonofy mihiratra. Mitaky fahasahiana koa anefa sady mitaky fahatsinjovan-davitra ny manonofy.

Fantatrareo ve, rankizy, fa nofinofin'olombelona te hanidina toy ny vorona no nahavitan'ny manam-pahaizana ny fiaramanidina ?

Fantatrareo ve fa nofinofin'olom-belona te hivahiny any ambony tsy taka-maso any no nahavitana nanitsaka ny volana ?

Ireny no nofinofy tanteraka ! Ireny no nofinofy tontosa !

Tanteraka satria tsy nipetra-potsiny ilay tompon'ny nofy ! Tontosa satria narahin'asa ilay vinavina na dia nihomehezan'ny olona aza tany ampiandohana !

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA
HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

**Valio ireto fanontaniana ireto :**

| | |
|---|---|
| - Inona no tianao indrindra ho an'ny tenanao ? | |
| - Te ho lasa inona ianao rehefa lehibe ? | |
| - Inona no kilalao tianao indrindra ? | |
| - Fantatrao ve ny hevitry ny anaranao ? | |
| - Rehefa maninona ianao no sambatra ? | |
| - Inona no tianao ho bebe kokoa eo amin'ny fiainanao ankehitriny ? | |
| - Inona no antenainao eo amin'ny fiainana indray andro any ? | |
| - Inona no mba tianao hatao amin'ny mpiara-belona aminao ? | |
| - Inona no tianao hahatsiarovan'izao tonolo izao anao rehefa tsy eny intsony ianao ? | |

### *3. Fantatrao ve ?*

Andramo valiana daholo ny fanontaniana. Takony amin'ny taratasy aloha ny valiny ery ankavanana dia soraty tandrifin'ny fanontaniana ny isa 1 raha hainao, na 0 raha tsy hay. Jereo avy eo ny tontalin'isa azonao hoe firy amin'ny 10.

| **Fanontaniana** | **Isa** | **Valiny** |
|---|---|---|
| 1. Oviana ny firenena malagasy no nankato ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy? | | 19 Marsa 1991 |
| 2. Inona avy ireo zo ananan'ny zaza raha vao teraka izy? | | -Zo hanana fianakaviana<br>-Zo hanana anarana<br>-Zo hanana kôpia avy hatrany |
| 3. Inona avy ireo taratasim-panjakana ilaina raha hampiditra zaza hianatra any an-tsekoly? | | -Kôpia nahaterahana<br>-Taratasy fanamarinam-ponenana<br>-Taratasy manamarina ny nahavitana ny vaksiny BCG |
| 4. Raha mampiasa ny zanany tsy an-kiato ny ray aman-dreny, inona avy ny zon'ilay zaza voahosihosy amin'izany? | | -Zo hianatra<br>-Zo hilalao<br>-Zo hiala sasatra |
| 5. Volana inona no natokana ho an'ny ankizy isan-taona ? | | -Jona |
| 6. Ny olona hatramin'ny firy taona no antsoina hoe "ankizy" araka ny voarakitra ao ami'ny Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy? | | -Hatramin'ny 18 taona |
| 7. Oviana ny daty nandaniana sy nankatoavana tao amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana ny "Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny ZON'NY ANKIZY" | | -20 Novambra 1989 (**Fifanekena momba ny zon'ny ankizy** nankatoavin'i Madagasikara tamin'ny 19 martsa 1991) |
| 8. Inona no fanalavana ny hoe : E.K.A | | -Ezaka Kôpia ho an'ny Ankizy |
| 9. Lazao ny taona nanaovana ny Fanambaràna ny Zon'ny ankizy ? | | -1959 (**Fanambaràna ny zon'ny Ankizy** nataon'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana, fanapahan-kevitra faha -1386 tamin'ny 20 nôvambra 1959) |
| 10. Milazà hetsika telo atao mba hampiharana ny ZON'NY ANKIZY eto Madagasikara | | -Ady amin'ny tsy fahaizan-taratasy<br>-Ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo<br>-Ady amin'ny fampiasana ankizy |

*4. Tohizo ireto tari-dresaka ireto hahafantaranao ny tena toetranao*

- Ny tiako indrindra amin'ny namana dia ..................................................
- Tena ilaina ny miara-miasa amin'ny hafa sy manampy azy satria ...

.............................................................................................................
- Raha mba nisy zavatra kely azoko ampianarina ny olona tsirairay eto an-tany dia ......................................................................................
- Tsy mitovy amin'ny olon-drehetra aho satria .......................................
- Mitovy amin'ny olon-drehetra aho satria ..............................................



## B. AHOANA NO FIARAHAKO MIAINA AMIN'NY HAFA ?

### *1. Mpianakavy mifankatia*



**Vakio ity lahatsoratra ity**

Ny fianakaviana no miantoka ny fiadanan'ny isam-batan'olona indrindra fa ny ankizy sy ny tanora. Noho izany, zava-dehibe ny hanjakan'ny fifankatiavana ao anaty fianakaviana.

Mifankatia ny mpianakavy raha lavitra azy ireo ny korontana sy fifamaliana ary ny adiady. Raha mitranga ny tsy fitovian-kevitra dia ny fifanakalozan-kevitra no fitaovana ampiasaina. Dia mifampiresaka, dia mifanazava milamina, dia miara-mikaroka ny vahaolana, ary dia samy mahatsiaro tena ho tsy misy very tombontsoa na ny andaniny na ny ankilany.

Mifankatia koa ny mpianakavy raha manjaka ao ny **fifanajana**. Ny ankizy manome voninahitra ny ray aman-dreny fa ny ray aman-dreny koa mitandro ny hasin'ny zanany.

Mifankatia koa ny mpianakavy raha mahay mifandefitra. "*Tolona amin-tsakaiza*, hoy ny Ntaolo, *ka aleo lavony toy izay mahalavo azy*". Ny fihavanana mantsy hono tahaka ny jiafotsy ka vao tsy ialan-kasokasoka, tonta tsy ialan-dromoromo. Raha manjaka anefa ny fifankatiavana dia tsy mahazo vahana ireny adiady ireny indrindra raha samy manana toe-tsaina tia mandefitra ny tsirairay. Fa ny tady no tapaka raha mihenjan-droa, ny tsihy no folaka raha aforitra fa ny olombelona tsy mba fola-mandefitra.

Mifankatia ihany koa ny mpianakavy mahay mifanohana sy mifanampy. Raha tojo zava-tsarotra na fahasahiranana ny anankiray amin'ny mpianakavy dia velona ny fifanomezan-tanana. Samy mahafoy ny tsirairay ho fanampiana azy ary tsy milamina ny saina raha tsy voavaha tanteraka ilay olana. Tsy voatery ho vola amin-karena izany fifampitsimbinana izany. Fa eo ohatra ny fifanampiana toy ny valin-tanana, eo ny fifarimbonan'ny mpiray tampo amin'ny fanatontosana ny raharaha ao an-tokantrano. Izany no toe-tsaina mandala ny "*voin-kava-mahatratra*" sy ny "*soroka miara-milanja*" fa mitsipaka tanteraka kosa ny fanaovana "*tany avo avaratra*" sy ny "*omby mahia tsy lelafin'ny namany*" ary "*ny tsindry hazo lena*".

Fa mifankatia koa ny mpianakavy raha mifampitsimbina. Noho izany dia halavirina ny fanararaotana ny fihavanana. Izay hahazoan'ny rehetra tombontsoa no tadiavina sy atao vaindohan-draharaha. Koa atao fady ny manao "*ory hava-manana*", ny "*kely tsy mba mamindro*" na ny "*havako raha misy patsa*".

Farany, ny mpianakavy mifankatia koa dia mahay mifamalifaly. Noho izany, dia mahavita mifanolotolotra fanomezana. Tsy amin'ny tsingerintaona nahaterahana na amin'ny fety aman-danonana voalahatry ny kalandrie ihany, tahaka ny Fetin'ny Reny sy Ray na Krismasy sy Taombaovao, fa isaka izay mahatsiaro. Ireny tolotolotra madinika na voandalana tsy hadino ireny no marika fa misy ny fifankatiavan'ny mpianakavy. "*Ny voky manko, hono, tsy mahaleo ny tsaroana*" .

Ny fanomezana tsara indrindra anefa, sady tsy andaniana na dia ariary tokana aza, dia ny tsikitsiky sy teny mamy ifanoloran'ny mpianakavy. Koa ny mpianakavy mifankatia dia manao toy ny "*railovy mamangy voromanga : ny mpamangy misiotsioka, ny vangiana mihirahira*".

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

**Valio ireto fanontaniana ireto**

***1. Iza no ohabolana na fiteny mifanaraka amin'ireto lohahevitra ireto ka hita ao anaty lahatsoratra ?***

| | |
|---|---|
| Fifandeferana | |
| Firaisan-kina | |
| Hamiramiranana | |
| Fanavakavahana | |
| Avonavona | |

***2. Inona no dikan'ny hoe : "Omby mahia tsy lelafin'ny namany" ?***
***3. Fa maninona no hoe : aleo lavon'ny sakaiza toy izay mahalavo azy raha mifampitolona aminy ?***
***4. Ahoana no fomba fampisehoanao ny fitiavanao ny ray sy reninao ? ny mpiray tampo aminao? Ny havana aman-tsakaizanao?***

### *2. Mahalala fomba aho*

**Vakio ity lahatsoratra ity**

Azo lazaina hoe "mahalala fomba" sy "mahay miaina" ianao rehefa mahay manaja ireo olon-dehibe toy ny : raiamandreny, zoky, mpampianatra. Ohatra, rehefa mifanena amin'izy ireo dia miarahaba manao "manao ahoana, tompoko". Tsy azo hadinoina ihany koa ny fanaovana ombay lalana rehefa mandalo manoloana azy ireo.

Any an-tsekoly dia azo lazaina ho mahalala fomba ihany koa ny ankizy sy tanora manaja mpampianatra. Izany hoe tsy mitabataba fa mihaino tsara ny fanazavan'ny mpampianatra, tsy mametapetaka anarambosotra mpampianatra, sns.

Tsy vitan'ireo notanisaintsika ireo ny fahalalam-pomba sy ny fahaiza-miaina fa manampy azy ireo ny fandraisana andraikitra amin'ny fanaovan-draharaha ao an-trano.

Ianarana sa toetra voajanahary ny mahalala fomba sy ny mahay miaina?

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

**Valio ireto fanontaniana ireto**

Inona no ataonao amin'ireto trangan-javatra ireto ?

1. Asain-dreninao manasa vilia ianao rehefa avy misakafo.
    a. Mandeha milalao aho aloha
    b. Mamita entimody aho aloha
    d. Vitaiko haingana ny sasa vilia vao milalao aho

2. Mandalo eo anoloan'ny mpampianatra eo an-tokotanin-tsekoly ianao.
    a. Mandeha haingana fa tsy mijerijery azy aho.
    b. Miarahaba azy aho hoe : "Manahoana Ramose ".
    d. Mihazakazaka haingana mamonjy ny namako aho.



### *3. Mahalala ireo asa mampidi-doza sy mamoafady aho*

**Vakio ity lahatsoratra ity**

Araka ny Fifanarahana faha-182 (*), rankizy, dia ireto no antsoina hoe asa faran'ny ratsy ka tsy azo ampanaovina mihitsy ny ankizy latsaka ny 18 taona :

1) Ny asa azo oharina amin'ny fanandevozana ka tsy mba ananan'ny ankizy safidy fa tena tian-kano tsy tian-kano. Ohatra amin'izany ny fivarotana ankizy hatao mpiasa, ny fampiasana ankizy mba hanefany ny trosan-dray aman-dreniny, ny asa an-terivozona amin'ny fambolena sy fiompiana, ny asa an-trano toy ny fahita betsaka aty an-tanàn-dehibe ary ny fandraofana ankizy hatao miaramila mandritra ny ady na ady an-trano.

2) Ny fampikaramana ankizy amin'ny fivarotan-tena na ny fampiasana azy amin'ny famokarana sary na sarimihetsika na fampisehoana mamoafady.




3) Ny fampikaramana ankizy amin'ny asa enjehin'ny lalàna, toy ny famokarana sy fivarotana zava-mahadomelina toy ny rongony isan-karazany.

4) Ny asa izay mety hitera-pahavoazana na mampidi-doza ho an'ny fahasalamana, ny aina ary ny toe-tsaina amam-panahin'ny ankizy. Tafiditra amin'izany ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany rehetra, ny fanangonan-tsira, ny famakiam-bato.

Ireo, rankizy, no atao hoe asa mampidi-doza sy mamoa fady ka voarara tsy hampiasana ny ankizy.

Mino aho fa tsapanareo tokoa fa, matoa raran'ny lalàna ankitsirano ny fanaovana ireo asa ireo, dia noho izy manimba tanteraka ny ankizy.

Noho izany dia manana adidy ianareo hanohitra raha misy manery anareo na misy namanareo terena amin'ny asa toy izany.

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

(*) Fifanarahana faha-182 navoakan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa (OIT)

**Tsipiho izay marina amin' ireto voalaza manaraka ireto**

1. Afaka manapaka fianarana ny zaza rehefa handeha hikarama.
2. Fahavoazana ho an'ny firenena sady fanimbana ny ho avin'ny ankizy tsy ampy taona ny fandefasana azy ireny hikarama.
3. Tsy maninona raha miasa ny ankizy, na tsy ampy taona aza, satria fanajana ray aman-dreny izany.
4. Tsy azo atao ny mampanao raharaha an-tokantrano ny ankizy mpianatra ho fanampiana ny ray aman- dreny.



### *4. Manampy olona aho*

**Vakio ity lahatsoratra ity**

Hoy ny Ntaolo : “Hazo tokana tsy mba ala” ary “Tondro tokana tsy mahazo hao”.

Ny hevitr’izany, rankizy, dia izao : tsinontsinona ny olombelona raha miaina irery satria na dia ny zavatra faran’izay bitika aza dia tsy ho vitany.

Raha mifanampy kosa anefa izy ireo, izany hoe mampivondrona izay hery eo am-pelatanany, na dia kely aza izany, dia mahefa fahagagana sady maharesy ny sarotra rehetra. Izany no “akanga maro tsy vakin’amboa” ary “mita be tsy lanin’ny mamba”.

Ianareo ankizy sy tanora, mianara àry mifanampy eo anivon’ny ankohonana. Iaraho manao ny raharaha ao an-tokantrano. Ifarimbony ny latasy amin’ny asa an-tsaha ary aza mifanjana amin’ny tsy salama ! Ho hitanao fa ny entan-jaraina mora zaka, ny asa ifarimbonana mora vita.

**NY FOIBEN’NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

**Valio ireto fanontaniana ireto**

1. Karazan’olona hoatra an’iza avy no heverinao fa mila ny fanampianao ?
2. Mahatsiaro fahafinaretana ve ianao rehefa avy nanampy olona iray ? Tsiahivo hoe : Iza no nampianao ? Inona no nataonao taminy? Taiza? Oviana ? Nanao ahoana ny nanaovanao azy ?
3. Raha misy mpianatra manana fahasembana ara-batana te hiara-dalana aminao, inona no ataonao ?
4. Mba mieritreritra hanampy ireny zokiolona ireny ve ianao raha hitanao fa toa sahirana izy ? Lazalazao ny eritreritrao.

### *5. Tia madio aho*

**Vakio ity lahatsoratra ity**

Ny fitondran-tena mety àry dia ny fanaovana madio lalandava. Miantomboka eo amin'ny fahadiovan'ny vatana izany. Tsy tokony halaina isika amin'ny fisasana isa-maraina. ..... Tsara raha mba mandro sy manasa loha indray mandeha isan-kerinandro farafaharatsiny mba hiala ireo tsikoko amin'ny vatana sy hisorohana ny fisian'ny hao.

Tsy vitan'izany ihany, rankizy, fa ny trano onenantsika koa dia tokony hadio lalandava. Tokony hofafana matetika ny trano raha misy fako na loto isan-karazany. Amin'izay mantsy dia afaka ireo parasy sy ny forongony. Ary ny saina aman'eritreritra ho faly sy finaritra tokoa raha madio sy milamina ny trano onenana.

Mitatra amin'ny toeram-ponenana iray manontolo mihitsy ny fanadiovana tokony hatao satria tsy mijanona ao an-trano fotsiny ny olombelona fa mila mivoaka ihany koa. Tsy tsara raha feno fako sady lava bozaka ny tokotany fa tsy hahatamana.

Isika ankizy no entanina mba handray andraikitra ka hanadio ireny tokotany ireny rehefa maloto. Aoka tsy hiandry an'i Neny na i Dada foana . Sady fianarana ny fiainana rahateo izany no fanatontosana ny andraikitra eo anivon'ny fianakaviana.

Ny vokany, hoy ianareo? Ho faly i Dada sy Neny ! Ary ho salama lalandava ianareo !

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**



**Ataovy ny fampiasana**

1. Ampifandraiso ny tarehimarika sy ny tarehintsoratra tokony hiaraka ka avereno adika eo ambany ny olana sy vahaolona voalazan'ny tabilao

| OLANA | VAHAOLANA |
|---|---|
| 1. Fako miangona masiso be | a. Tranokely misy soratra hoe : WC |
| 2. Tokotany feno fako miparitaka | b. Daba fanariam-pako misarona |
| 3. Ankizy mivalandrano eo akaikin'ny fantsakana | c. Ankizivavikely mampiasa kifafa |
| 4. Bozaka lava sy lobolobo eo ambody trano | d. Ankizilahikely mampiasa antsim-bilona |

2. Valio ny fanontaniana.

- Tanàna manao ahoana no heverinao fa tsara honenana ?
- Toeram-ponenana tahaky ny inona no mety tsy hahasalama anao loatra?
- Inona no tokony hataonao ho fandraisana anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana eo amin'ny tanànanao ?



## IV. REHEFA MAHAVITA NY AMBARATONGA VOALOHANY NY ANKIZY VANONA DIA TSY MAINTSY

| MAHALALA / MAHAY | HO MPIANATRA |
|---|---|
| **Eo amin'ny tenany** | |
| - ny hasina sy ny hajan'ny tenany (ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy) | TSY MIOLONOLONA |
| - ny mombamomba azy : anarana, daty sy toerana nahaterahana, adiresy (fokontany, kaominina, distrika) | MAHAY MANAJA |
| - ny fahadiovan'ny vatana | MAHALALA FOMBA |
| - ny fitondran-tena tsara aseho ao an-trano sy eny anivon'ny fiarahamonina ary any an-tsekoly | |
| - ny fanajana ny hafa | MAHAY MANDEFITRA |
| - ny adidy aman'andraikiny | |
| - maneho ny fisafidianany sy ny fitiavany ny kanto, manazava ny antony ary mandresy lahatra ny amin'izany | MANARA-DALANA |
| - mamantatra ny zony hanaja ny tenany ary ny zo hanajan'ny hafa ny maha izy azy, ny toetoetrany ara-batana, ny fisainany ary ny fananany | MAHALALA MADIO |
| - manaiky ny fitsipi-piainana anatin'ny fiaraha- monina, ny fitsipi-pifehezana ankapobeny ary ny fitsipiky ny fahalalampomba sy ny fanajana ny teny nomena. | MALINA |
| | MARINA |
| **Eo anivon'ny fianakaviany** | |
| - ny hasin'ny raiamandreny sy ny zoky ary ny haja tokony homena azy ireo | TSY MIANGATRA |
| - manaja ny fitsipika ifampifehezana ao an-trano | |
| - manampy amin'ny raharaha ao an-tokantrano. | |
| **Eo anivon'ny fiarahamonina.** | |
| -Mahatsapa ny adidy amin'ny fanajana ny hafa | MANDRAY ANDRAIKITRA |
| **Eo anivon'ny sekoly** | |
| - mitondra tena tsara | |
| - miara-miaina amin'ny namana sy ny Mpampianatra | MARIM-POTOANA |
| **Eo anivon'ny Firenena** | |
| - mahafantatra ny Tanindrazana. | |

## V. IREO FONJAN-KEVITRA RAKETIN'NY FIFANEKENA MONBA NY ZON'NY ANKIZY:

***1. Zo hanana fianakaviana***

***2. Zo hihinana, hanana fialofana :***

Manan-jo hisakafo ara-dalàna sy hanana trano fonenana ny zaza.

***3. Zo ho salama :***

Manan-jo hahazo fitsaboana izy

***4. Zon'ny zaza manana fahasembanana***

Manan-jo hahazo fitsaboana mifanaraka amin'ny toe-batany, amin'ny toe-tsainy izy ireo ka beazina sy tsaboina amin'ny fomba manokana

***5. Zo hianatra :***

Manan-jo hianatra, hahazo fanabeazana ny zaza.

***6. Zo hiala voly :***

Tsy maintsy avela malalaka hilalao sy hanao hetsika manala voly mifono fanabeazana izy ireo

***7a. Zo hanana kolontsaina***:

Manan-jo hahazo fanabeazana mampivelatra ny kolontsainy

***b. Fanajana ny tontolo voajanahary*** :

Ampianarina azy ny fanajana ny tontolo voajanahary

Ohatra : Fandraisana anjara amin'ny fambolen-kazo sy hetsika fampandrosoana isan-karazany.

***8. Zo hovonjena:***

Zon'ny zaza ny hahazo ny fiarovana sy ny famonjena voalohany indrindra raha misy loza mihatra

***9. Zo harovana amin'ny fanararaotana eo amin'ny asa:***

Tsy azo ampiasaina ny zaza alohan'ny taona noferan'ny lalàna, tsy mahazo manao asa mety hiteraka aretina ho azy na manakana azy tsy hahazo fanabeazana.

***10. Zo harovana amin'ireo fampijaliana:***

Tsy maintsy arovana amin'ny herisetra, fampijaliana na fanaovana tsinontsinona amin'ny endriny rehetra ny zaza.

***11. Zo haneho hevitra:***

Manan-jo haneho hevitra an-kalalahana ny zaza, anisan'izany ny fitadiavany sy ny fahazoany ary ny fanomezana azy ny torohay isankarazany.

## Fizahan-takila


FAMPIDIRANA 04

I - NY ZO SY ADIDIN'NY ANKIZY 05
A. NY ZON'NY ANKIZY 05
1- IREO FOTO-KEVI-DEHIBE MOMBA NY ZONAY ANKIZY 05
2- NAHOANA NO AROVANA NY ZONAY ANKIZY? 06
3- MANAN-JO AHO ... 07
4- IZA NO MIAHY NY FANAJANA SY FIAROVANA NY ZONAY ANKIZY ? 11

B. NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY ANKIZY 13
1- MANANA ADIDY KOA AHO 13
2- NY MAHALALA FOMBA DIA … 17

II - MADAGASIKARA TANINDRAZAKO 18
A. NY TANINDRAZAKO 18
B. NY HIRAMAM-PIRENEKO 18
D. NY SAINAM-PIRENEKO 18
1- NY HABEN'NY FANEVA NA SAINAM-PIRENENA 19
2- NY FOMBAFOMBA ARAHINA REHEFA MANANGAN-TSAINA 20

III - SAHANASA SY FAMPIHARANA 23
A. IZA MOA AHO ? HOATRA AN'IZA AHO ? 23
B. AHOANA NO FIARAHAKO MIAINA AMIN'NY HAFA ? 26

IV - REHEFA MAHAVITA NY AMBARATONGA VOALOHANY NY ANKIZY VANONA DIA TSY MAINTSY … 34

V. IREO FONJAN-KEVITRA RAKETIN'NY FIFANEKENA MOMBA NY ZON'NY ANKIZY 35

conception Harson development hardev@moov.mg

OEMC/MEN
oemc_men@yahoo.fr
www.oemc-men.mg